Ny Valosoa sy hadihady

Misy tsy maty manota tokoa ny mpitondra ankehitriny

Tsy misy afaka mandà intsony amin'izao fotoana izao, fa misy tsy maty manota tokoa ao amin'ny tomponandraikitra isan'ambaratom-pitantanana eto amin'ny Firenena. Tsy tokony hadinoina fa efa foana ny hamehana ara-pahasalamana, izay nararaotin'ny mpitondra nanaovany izay tiany natao. Tapa-bolana lasa izay no nanafoanana ity hamehana ity, ka tsy azo ekena intsony ny mbola hanohizan'ireo nampindramin'ny vahoaka fahefana ireo ny fanao mamohehitra sy fiheverana ny mpiray Tanindrazana ho « dondrona » tokoa, araka ny famaritana nataon'izy ireo. Tsy adino ireo minisitra nongotana teo amin'ny toerany, noho ny fitsikerana tamin'ny tambazotran-tserasera ny adalàna nataony. Nisy koa ny nihàran'izany fitsikerana izany, noho ny fahotana mahafaty nataony tany aloha tany. Amin'izao fotoana izao dia mitohy tsy ankijanona ny fitakiana ny fanalàna, na ny fanesorana, na fametraham-pialàn'ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina sy ny sekretera jeneralin'ny Minisiteran'ny Angôvo vadiny. Ny alakamisy alina dia mbola nitaky izany, tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray, no namoaka ity raharaha basy nipoaka ity voalohany, satria ny filankevitry ny minisitra ny alarobia lasa teo dia nanendry tomponandraikitra ambony any amin'ny minisitera sasany any, fa tsy sahy nanisy resaka momba ity raharaha ity mihitsy. Toa midika izany fa ny filohan'ny Repoblika, ny Praiministra sy ireo mpikambana ao amin'ny governemanta roambitelopolo dia miara-manaiky, fa samy manana ilay « zo tsy azo enjehina » (immunité) sahala amin'ny parlemantera rehefa eo am-perinasa. Ny minisitra vehivavy moa dia, angamba, efa manaiky ny antson'ny minisitry ny serasera tsy hilefitra, fa hijoro satria nandray andraikitra. Izany tokoa, angamba, no manamarina ilay fitenenana vahiny « solidarité féminine » ary tafiditra ao anatin'ity sokajin'olona ity koa ireo lehilahy rehetra ao amin'ny governemanta matoa tsy misy manohitra. Izany tokoa, angamba, no fampisehoana ny firaisankinan'ny governemanta (solidarité gouvernementale) na firaisana tsikombakomba amin'ny ratsy ary satria azo antoka fa ho fanao lasa azo haverina amin'ny ho avy (jurisprudence) izany. Azo antoka koa fa tsy misy velively ny famotorana ara-moraly (enquête de moralité) natao tamin'ireo olom-boatendry mialohan'ny fanendrena azy ireo. Manaporofo izany ny fanendrena ilay minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany nametra-pialàna valoambiefapolo ora taorian'ny fanendrena azy, sy ilay tale jeneraly vao notendrena tamin'ny filankevitry ny minisitra farany teo, izay namoahan'ny tambazotran-tserasera ny korotam-by taritarihany ora vitsy taorian'ny nanendrena azy. Azo eritreretina ihany koa, fa matahotra ny filohan'ny Repoblika avokoa ny mpikambana ao amin'ny governemanta, satria izy no nanendry azy ireo, ka hananany trosa ara-moraly. Fantatra ihany koa fa tsy sarotra ho an'ny filohan'ny Repoblika ny hanome baiko hamoronana antontan-taratasy fanamelohana izay miseho manohitra ny heviny. Raha midradradradra ny mpitondra fa « masina ny Tanindrazana » dia midika izany fa ny « fahamarinana » sy ny « fahamasinana » izany no tsy maintsy manjaka eto, kanefa tsy hita na aiza na aiza eny anivon'ny sehatry ny fitantanana ny Firenena no manjaka ireo fepetra ara-pitantanana ireo. Tsy fahaiza-miasa sa mampiasa ny fahaiza-manao amin'ny fanodinkodinana no ataon'ny mpitondra, satria dia mitokona indray ny any amin'ny Anjerimanontolo, Andrianjato, ao Fianarantsoa. Ny mahavariana dia tsy manan-katao hafa tsy ny mamono afo izao mpitondra izao, ka rehefa mirehitra ny afo vao mitady rano amonoana izany. Efa manaraka akaiky ny fomba fiasan'ny mpitondra ary tsy azo badoina intsony ny olompirenena maro, ka na inona na inona fanampena-maso atao dia tsy mahataitra ary tsy manova ny fahitany ny fomba fitantanana tsy mahomby intsony izany.

Andry Tsiavalona

Antso Fiarahamonina Kristianina (AFK)

Hanatanteraka fihaonana « pré-colloque »

Efa miroso tanteraka amin'ny fanombohana ny fanatanterahana ny vina natolony, ho an'ny firenena amin'izao fotoana izao ny Antso Fiarahamonina Kristianina (AFK). Taorian'ny fikaonan-doha « Symposium » nataony teny amin'ny Le Pavé Antaninarenina ny 14 Septambra lasa teo, dia miditra amin'ny dingana manaraka dia ny amin'ny « Pré-colloque » indray ny fikambanana. Ny talata 21 Septambra ho avy izao, no hanatontosany izany eny amin'ny CNPC Antanimena eo akaikin'ny ny fiangonana FJKM Antanimena Atsinanana, hanomboka amin'ny 9 ora sy 15min maraina ary haharitra hatramin'ny tolakandro. Izao hetsika izao dia ho fiomanana amin'ny fanatanterahana ny fanatrarana ny tanjona dia hanarina sy hamoaka ny firenena ao anatin'izao fahantrana lalina manjo azy izao. Avoitran'ny AFK hatrany amin'ny fitsinjovana ny hametrahana ny vina iraisana manerana ny firenena, dia i Madagasikara ho lasa Fiarahamonina misy fiaraisan'aina (Symbiotique), sy mampisy firaisan'aina (Symbiotisant). Ao anatin'izany ihany koa ny famerenana ny hasin'ny tena fihavanana maha malagasy, fa tsy amin'ny endriny iheverana azy ankehitriny. Voizina ao anatin'ny fanatanterahana ny vina ezahiny hotanterahina izay, ny amin'ny fiarahamonina tsy misy fanambakana, tsy mifampitsentsitra, fa mifampitsinjo sy mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, ary mifampivelatra. Fiarahamonina tena ilain'ny vahoaka malagasy ankehitriny, no katsahin'ny AFK hapetraka amin'izao fotoana izao, satria efa nanaovana fanadihadiana lalina izany, fa ny manainga no sisa ary mitaky fandraisana andraikitra sy finiavana avy amin'ny olompirenena tsirairay. Azo antoka tanteraka ny hivoahan'i Madagasikara ao anatin'izao toerana misy azy izao, raha resy lahatra ny vahoaka malagasy manerana ny Nosy. Ny andrasana sisa dia fiaraha-mientana avy amin'ny rehetra. Anisan'ny mampiavaka izao vina tanterahan'ny AFK izao dia ny tsy fianteherana na kely aza amin'ny mpamatsy vola vahiny, fa ny eo ampelatanana no ampiasaina. Ny talentan'ny tsirairay ihany koa no velarina ao anatin'izany, noho ny fanomezandanja ny lafiny maha olona sy ny tsirairay mihitsy. Asaina araka izany ny olom-pirenena izay mahatsapa ny amin'ny halehiben'ny izao vina izao, izay tsiahivina fa tolo-tsaina avy amin'Andriamanitra izany ary natolony ho tanterahin'izy ireo, hanatrika izany fihaonana lehibe izany.

Tsiahivina fa ny Antso Fiarahamonina Kristiannia dia fikambanana misehatra eo anivon'ny fiarahamonina, ho fampandrosoana ny firenena. Misokatra ho an'ny rehetra noho izany ny fikambanana, na eny anivon'ny fitandremana, ny Orinasa, ny "ONG", sns... Marihina ihany koa fa tsy antoko politika, na antokom-pivavahana velively ny Antso Fiarahamonina Kristianina.

Radafy

Eliana Bezaza

Tsy adim-poko ny rafitra Federaly hisian'ny fitsinjaram-pahefana tena izy

Vahinin'ny fandaharana "Sahia Lasa Zao" tao amin'ny Radio Mada, ny Radio MBS ary ny televiziona MBS omaly alina, ny sekretera nasionalin'ny antoko PSD Eliana Bezaza, izay tsy iza fa zafikelin'ny filoha Philibert Tsiranana, filohan'ny Repobika voalohany, nitondra an'i Madagasikara taorian'ny nahazoantsika ny fahaleovantena. Tao anatin'izany no niresahana mikasika ny vehivavy manao politika, sy ny fiainan-pirenena amin' ny ankapobeany ary ny zavamisy any Mahajanga sy ny faritra Sofia fiaviany. Ny antoko PSD dia mbola tsy nifidy niaraka amin'ny mpanohitra hatreto, saingy efa mahatsapa izahay hoy Eliana Bezaza, fa efa ampy ny 100 andro nanomezana ny fitondrana ireo fe-potoana, ka tsy nitenenany mihitsy, satria sarotra ny mitondra firenena. Ankehitriny efa misasaka mahery ny fotoam-piasan'ny mpitondra nefa tsy misy tanteraka ny fampanantenana izay natao. Mikasika ny any Sofia tanindrazany dia nanambara ny sekretera nasionalin'ny antoko PSP Eliana Bezaza, fa manjaka ny tsy fandriampahalemana, nefa governora mpitari-tafika no any antoerana. Ny fampanantenana nataon'ny mpitondra fanjakàna toy ny hananganana Oniversite any Anahidrano distrikan'Antsohihy, tanindrazan'ny filoha Dadabe Tsiranana, efa hoe herintaona lasa izao ny 14 oktobra 2020 fahatsiarovana ny nijoroan'ny Repoblika teto Madagasikara, bozaka no lava be maniry, fa tsy misy zavatra mandeha hatramin'izao. Ao Mahajanga dia manao zavatra tsy mifanaraka amin'ny filan'ny mponina, fa tombontsoa an'olon-tokana no omena tombondahiny. Raha resaka demokrasia eto Madagasikara dia tsy manjaka ny demokrasia amin'ny fanagadragàna olona maneho hevitra. Ny haino amanjerim-panjakàna toy ny RNM sy TVM dia voarara tsy azo idiran'ny olona heverina ho tsy mitovy hevitra amin'ny fanjakàna. Raha nilaza ny mpitondra ankehitriny, fa tsy nisy zavabitan'ireo mpitondra nifandimby teto nandritra ny 60 taona, fa izao vao manarina ny tsy vitan'ny teo aloha dia tokony havadibadika ihany ny lela vao miteny, satria manjary any aminao no mifatratra ny zavatra rehetra hoy izy. Maro ny zavabitan'ny mpitondra teo aloha ary tsy ho voafafa izany na takonana aza. Mikasika ny governemanta dia hita fa tsy manana olona ity fitondràna ity. Maro ny zavatra tsy fampiseho masoandro hita ao araka ny hita amin'ny gazety sy tambazotran-tserasera. Fa raha ny tokony hitondràna ny firenena ankehitriny indray dia tokony ho rafitra federalista hisian'ny fitsinjaram-pahefana tena izy, mba hahazo tombontsoa avokoa ny Malagasy 25 tapitrisa, no tokony hampiharina eto Madagasaikara hoy ihany ity mpanao politika vehivavy ity. Mahakasika izay indrindra dia tokony hoesorina ao antsaina ny resaka adimpoko, satria izay foana no voizina hoy Eliana Bezaza raha vao miresaka io rafitra federaly io. Tokony hahazo tombontsoa ny zavatra misy any amin'ny toerana misy azy ny Malagasy tsirairay. Rehefa hanao taratasy mikasika ny hazan-dranomasina ohatra dia tsy maintsy aty Antananarivo no manao ny taratasy rehetra, nefa tokony ho vita any Mahajanga izany hoy izy. Raha akapoka ny nambaran'ny sekretera nasionalin'ny antoko PSD Eliana Bezaza dia tsy manome naoty ity fitondràna ity ny tenany. Hita ny tsy fijeren'ny mpitondra amin' izao ny lafiny sosialy, izay nampiavaka ny antoko PSD tamin'ny fotoana nitondràny. Politikan'ny kibo no nanjaka tamin'izany ; tsy nandoa vola ny mpianatra ary ny fitsaboana maimaimpoana.

Ny Valosoa

Eliana Bezaza (afovoany), tao amin'ny fandaharana Sahia Lasa Zao.

TONONKALO

Tsy handray karama telo volana ?

Manam-be tokoa `nareo ka inona àry moa ny olana,
Ny amin`ny hoe tsy handray karama hatramin`ny roa na telo volana ?
Ny anareo koa raha ny bizina, efa fantatray ihany,
Fa miliara anie no "ketrika" mihodinkodina amin`izany !

Iza izao `nareo mpitondra ankehitriny no naato,
Noho ny halatra vaventy izay nitranga tato ho ato?
Anareo ny fitondrana, anareo ny fitsarana,
Ka `nareo moa ve hanahy ny hoe ho any am-pigadrana?

Tsisy rantsam-pitsarana mba manadihady lalina,
Hany ka manararaotra toy ny banga mihomehy alina?
Ilay birao mahaleotena, anarany ny hoe "birao",
Fa ao `nareo no mialokaloka sy manao ny tsy fanao ?

Dia mitohy ny laingalainga sy karazam-pamitahana,
Ary mody mba mizara fa izany no idedahana ?
Fanomezana madio sy mba mitohy re no alefaso,
F`aoka izay ny faikafaika sy karazan-tampi-maso !

Aminay dia toy ny sisa eny an-databatry ny mpanana,
Ilay ampahana karama izay afafy toa voan`anana.
Ka tsy zavatra toy izany, entina ho "fitanana aina",
Fa ny tetikasa matotra sy mitohy no tena ilaina !

DADAN`i ZINA (17-10-21)